**Fanambaran'ny fiarahamonim-pirenena taorian'ny atrikasa fikatsaham-bahaolana mahomby mialohan'ny fifidianana sy fampifandraisana ny OSC misehatra amin'ny fanarahamaso ny fifidianana ary ireo mpisehatra hafa**

Taorian'ny dinika natao tao Antaninarenina ny faha-22 sy faha-23 izay nikaonan-doha mikasika ny toedraharaha mialohan'ny fifidianana ary ny fanarahamaso ny fifidianana niaraka tamin'ireo mpisehatra samy hafa dia :

- maneho ny ahiahiny amin'izao fiandohan'ny taom-pifidianana izay ilàna fandraisan'andraikitra haingana mba handrosoana amin'ny zotram-pifidianana ao anaty fangaraharana anjakan'ny rariny sy ao anaty fitoniana ;

- mampatsiahy fa ilaina ny havaozana ny lalàna mifehy ny fifidianana (LORGER) mandritra ny fivoriana ara-potoanan'ny Antenimiera, indrindra ny mikasika ny fangaraharana sy ny loharanombolan'ny kandida ary ny famerana ny fandaniambolan'izy ireo amin'ny karazam-pifidianana rehetra ary mba hananan'ny Vaomiera misahana ny fanarahamaso ny famatsiambolan'ny antoko politika (CCFVP) sy ireo rafitra mpanaramaso sy mpanafay fahefana feno mba hisian'ny fitovian-jon'ny kandida rehetra mandritra ny vanim-potoanan'ny fifidianana ary ihany koa ny tsy hisian'ny fitanilan'ny fitondram-panjakana. Tokony ho ny karapanondrom-pirenena fotsiny ihany dia ampy hananan'ny olompirenena ny zony handatsabato.

- miantso ireo mpisehatra tsara sitrapo rehetra mba hiarahisalahy ho fampanjariana ny fitaizana ny vahoaka mikasika ny raharaham-pifidianana ka hifanome tanana amin'ny fanarahamaso ny biraom-pifidianana rehetra manerana ny nosy amin'ny androm-pifidianana ;

- manao antso avo mba hisian'ny fandraisan'anjara fenon'ny daholobe sy ny vahoaka manontolo indrindra ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy sy ny tanora ary ireo olona manana fahasembanana ara-batana ;

- mampirisika ny fiarahamonim-pirenena rehetra mba hiasa mifanaraka amin'izany ;

- mangataka ny fanajana ny datim-pifidianana eny anivon'ny kaomina, faritra, faritany, fifidianana solombavambahoaka sy loholona ary filoham-pirenena.

Natao teto Antananarivo, androany faha-23 martsa 2023

Ireo firaisamonim-pirenena manao ny fanambaràna

RAKOTOARISON Haingo
SIKIRAKENTA

ANDRIAMORAMANANA
Haujarma
SAFIDY

INDRAFONTANAHARY
Fiantrasoa -
OJ.

RAMANANJATO
Folyna Herintsoa
Andriamihaminarivo
Liberty 32

RAHANTASOA Florence
ANDRIMASO

RANDRIATSEHENO
Aina Ramanosoa André
ONG IJORARY.

RASOLIMALALA.
E. MIAHY

FANODIRA Roland
- GOSC -

RAKOTOZANANY
Nicole.
KMF-CNOE

ARISOA Tolojanahary
Ancelio
KMF-CNOE

D. Bakotonadala
Transparency International
Initiative Madagascar

RATOMPODRIMANANA
Lalaliana AFHAM

"Action Sociale
pour Développer"
NIVOARIVONY A.

RAZAFINDEHIBE Céline Nathalie
Vice-Présidente nationale du
VMLF

Latiséa Victor
S.S.M